Fanabeazamboho sy fameloma-maso antoko

# Nihetsika ny TIM Fianarantsoa sy ny Vehivavy TIM Toamasina

Manerana an'i Madagasikara dia misy ny hetsika fameloma-maso sy fanabeazamboho ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), hanambarana ny mpikambana teo aloha sy ankehitriny ary ireo izay maniry hiditra ao anatin'ny antoko. Efa nanambara ny birao nasionalin'ny antoko, fa vonona haka fahefana ny TIM, satria izay no atom-pisian'ny antoko, ka ny tanjona amin'izany dia ny hampandrosoana ny firenena indray, izay latsaka ao andavaka ankehitriny, vokatry ny tsy fahaiza-mitantana ataon'ny mpitondra. Nisy araka izany ny hetsika famelomamaso na redynamisation tany Fianarantsoa. Velona ary mbola mijoro ary manana ny tanjany ny antoko TIM eto Fianaratsoa hoy ny dokotera Elysé Zanabahoaka, filoha lefitry ny TIM nasionaly faritany Fianarantsoa. Vonona ny zanak'i Fianarantsoa hamerina ny filoha Marc Ravalomanana eo amin'ny fitondràna indray, satria izy no hitanay hoy izy fa tena ho afaka hampandroso marina an'i Madagasikara. Eto izahay hoy dokotera Elysé dia misaotra ny filoha nasionalin'ny TIM, ny filoha Marc Ravalomanana, nanome ny toromarika entina hanatsaràna ny fomba hitantanana ny antoko.



**Vehivavy TIM Toamasina**

Rantsana lehibe ao anatin'ny antoko Tiako i Madagasikara ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM), satria izy ireo no maro an'isa no sady mahatsapa ny fahasahiranana mahazo ny ao an-tokantranony. Resy lahatra ireo vehivavy TIM, fa ny filoha Marc Ravalomanana, no efa azo notsapain-tanana ny fitsinjovany ny vahoaka Malagasy tamin'ny fotoana nitondràny ny firenena, saingy nosomparan'ny mpanongam-panjakàna. Noho izany, nijoro ny faran'ny herinandro teo ny vehivavy TIM ao amin'ny disitrikan'i Toamasina voalohany, izay misy firaisana 5. Nilaza ny depiote teo aloha Blandine Voizy, fa vonona tanteraka handray ny andraikitra tandrify azy ho famelomamaso ny antoko TIM, sy hitondra ny anjara birikiny ho fanarenana ny firenena ny Vehivavy Tiako i Madagasikara. Handeha hidina eny amin'ny fokotany ireo fikambanam-behivavy TIM hanamafy ny fototra sy hitaona ny namany hiditra ao anatin'ny vehivavy TIM. Ny tanjona amin'izany dia hanamafy ny dingana sy hanatsara ny fari-piainan'ny vehivavy ao amin'ny antoko amin'izao fahasahiranana mahazo izao.

***Helisoa***

Ny Valosoa sy fakafaka

Seranam-piaramanidin'Ivato

## Natao ihomehezana sisa ny bala roran-dRajoelina

Omaly alatsinainy 27 Septambra 2021, no tafaverina an-tanindrazana Ingahy Filoha Rajoelina, tonga avy nanatrika ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana andiany faha76 tany New-York Etazonia, sy ny fanaovantsonia ny fitrosana vola tamin'ny frantsay tao amin'ny Quai d'Orsay tany Paris.

Toy ny mahazatra azy dia ireo mpanao gazety efa voafantina hatrany, no nanatrika ny valandresaka tamin'ny mpanao gazety, nataon'Ingahy Filoha teny amin'ny seranam-piaramanidin'Ivato, ny dikan'izany dia fanontaniana efa voaomana no nivoaka tao, satria tamin'ity indray mitoraka ity, tsy nisy intsony ny Fmf nanilihana sy namiliviliana resaka, ka ny fanontanin'ireo mpanao gazety azony antoka ireo no nianteheran'Ingahy Filoha.

Mikasika ny vola 332 Tapitrisa dolara Amerikana na 236 Tapitrisa Dts dia vola avy amin'ny (FMI), na Tahirimbola Iraisampirenena, izay vola tsy azo ampiasaina avy hatrany, fa vola natao hiantoka ny tahiry ao amin'ny Banky Foibe, satria izay no fandaminana eo amin'ny mpamatsy vola iraisampirenena, ka ny FMI no miantoka ny fahamarinan-toeran'ny vola any amin'ny Banky Foibe, fa ny Banky Mondialy no manome vola hamatsiana ireo tetikasa fampandrosoana. Nanome vola ny FMI satria efa tena ambivitra ny tahirimbola vahiny amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara no dikany, vokatry ny valanaretina coronavirus, sy ny krizy ara-toekarena sy ara-tsosialy ary ara-bola naterak'izay.

Ingahy Filoha anefa dia efa nidehaka mafy ery fa vola azo jifaina avy hatrany hono io 236 Dts io, matoa anefa natao amin'ny Dts (Droits de Tirages Spéciaux) ilay sorabola dia tsy vola natao ho kirakiraina io. Tsikaritra nandritra ny fandraisampitenenana nataon'Ingahy Filoha, ny fanantitranterana mafy ny hoe vola tsy trosaina io vola io, satria efa tena nalilo ny sofiny mikasika ny fitrosambola tsy hitondra soa ho an'ny vahoaka amin' ny fananganana ilay "téléphériques".

Dia mbola nitohy hatrany ny bala rora toy ny filazana fa hisy sambo roapolo hono, ho tonga avy any ivelany hitondra ireo entana ilaina amin'ny fiainana andavan'andro na (PPN), izay hita fa resaka matavy toy ny "digitalisation" afaka 20 andro sy ny fampidinana ny vidin'entana afaka telo andro, tsy ireo ihany fa maro ary tsy ho tapitra raha tanisaina etoana avokoa ny fampanantenana efa heno. Arak'izany dia natao ihomehezana sisa ny bala roran'ity filoha mpandainga ity.

Tsy nisy mpanao gazety sahy nanontany an'Ingahy Filoha, mikasika ny fahavitany vaksiny, kanefa dia voaporofo fa matoa afaka niditra nalalaka tany Etazonia ary nahazo niakatra ny piolopiotran'ny Firenena Mikambana nikabary izy dia efa vita vaksiny izany.

Ny vahoaka maro an'isa dia efa samy tonga saina amin'ny bala roran-dRajoelina, hany ka natao fihomehezana sisa ny mihaino azy, kanefa ihany koa dia tsy vitan'ny mihomehy fotsiny ireo vahoaka ireo, fa mamakafaka sy mitadidy ihany koa ary efa mahalala ny hitondrany ny safidiny amin'ny ho avy.

***Ny Valosoa***

Filohan'ny OJM vaovao

## Ajabak'i ministra "veta" amin'ny kizo ilay mpiasan'ny RNM



*Monica Rasoloarison, kandidà tokana hirotsaka hofidiana ho filohan'ny OJM.*

Manjaka ny kitoatoa amin'ny fifidianana izay ho filohan'ny Holafitry ny Mpanao Gazety vaovao, na ny filohan'ny OJM, ajabak'i ministra izay voalaza fa "veta" dia i Lalatiana Andriantongarivo amin'ny kizo ilay mpiasan'ny RNM dia ny mpanao gazety Monica Rasoloarison. Nivoaka ny anaran'ny mpirotsaka ho fidiana ho Filohan'ny Holafitry ny Mpanao Gazety, izany Monica Rasoloarison izany, no hany kandida tokana nametraka ny firotsahan-kofidiana, ary efa nandoa ny saram-pirotsahana mitentina 3 tapitrisa Ariary, vehivavy io kandida io ary manana mpilatsaka ho fidiana 92 miaraka aminy dia ireo kandida 4 isam-paritra, mahatratra 93 no fitambaran'ireo mpiray lisitra , ny isam-paritra dia ahitana filoha lefitra 1, mpanolotsaina 1, mpitahiry vola 1 ary sekretera jeneraly1.

Tsy mbola nisy ohatr'ity hatrizay nanaovana hoy ny fitenin'ireo be vazivazy, satria sambany teo amin' ny tantaran'ny holafitra no nahitana fifidianana tsy nisy kandida afa-tsy iray . Voaporofo izao fa matoa tsy misy milatsaka ho fidina ireo mpanao gazety matihanina sy vonona hampandroso ny asa fanaovangazety, dia samy mahatsapa ny kajikajin'ny minisitra Lalatiana amin' ny fampidirana olona ho ao amin'ny Ceni, io no maha mendy an-dRamatoa minisitra sady mbola ao dia ao ny fitiavana hangeja hatrany ny fahalalahana maneho hevitra.

Efa mazava ny tarehimarika, fa matoa tsy misy ny mpirotsaka ho fidiana , dia tsy maintsy ho vitsy ihany koa ny ho tonga hifidy, ny azo antoka dia ireo olon'ny fitondrana no handray anjara amin'ny fandatsahambato, tsy iza ireo fa ny mpanao gazety avy amin'ny Haino vaky jery miaradia amin'ny fitondrana, miampy ireo mpanao gazety avy amin'ny Rnm sy Tvm, izay matahotra ny kapoakany ary ireo mpiasan'ny minisitera izay nomena karatra fahatany, hampitombo ny vato ho azon'ny kandidan'ny minisitera, izay fantatra fa tsy manao ny asa fanaovangazety akory ireo.

Amin'ity fifidianana indray maka ity ihany koa vao hitranga ny hoe, ny isan'ny tonga mifidy dia ho resin'ireo nitokona tsy nifidy, ary mety hiseho ihany koa ny hoe resin'ny vato fotsy ny vato azon'ilay voafidy.

Efa mahazatra ny mpitondra ankehitriny ary tsy mahamenatra azy ireo ny mandresy amin'ny fifidianana feno hosoka, na izany aza tsy tokony hipetra-potsiny ireo mpanao gazety manaja ny ara-dalàna sy mandala ny fahalalahana, ka inoana fa tsy maintsy hitaky ny mangarahara amin'ny lafiny rehetra.

Tokony havoaka ampahibemaso ny anaran'ireo mpirotsaka ho fidiana miisa 93, ary indrindra ny anaran'ireo mpanao gazety nahazo karatra miisa 1509, ary havoaka miaraka amin'ny anaran'ny orinasan-tserasera iasan'ireo lazaina fa mpanao gazety ireo.

Rahampitso alarobia 29 Septambra 2021 no hambara ny maha ara-dalàna na tsia ny firotsahan'io lisitra tokana io, dia ho hita eo izay hivoaka eo, fa ny azo ambara aloha dia afabaraka ny asa fanaovangazety malagasy vokatry ny ataon-dRamatoa minisitra Lalatiana. Mbola tsy tratra aoriana raha izao no ahantona sy foanana any aloha io fifidianana kasaina hatao io, tokony halamina aloha ny olana fototra amin'ity raharaha fanaovan-gazety ity, tsy tokony ho tsabahan'ny ministera.

***Ny Valosoa***

Ambohimanatrika Tanjombato Atsimondrano

## Nitokona ny fokonolona, tsy manaiky fanoloana ny filoha lefitry ny fokontany

Naneho ny alahelony sy ny hatezerany ny mponina ao amin'ny fokontany Ambohimanatrika, kaominina Tanjombato, distrikan'Antananarivo Atsimondrano, tsy manaiky fanoloana olona mpitantana ny fokontany izy ireo. Nigrevy ny fokonolona, fa tsy manaiky ny fanoloana ny filoha lefitry ny fokontany. Tsy eken'izy ireo ny fametrahana olona tsy fantany akory amin'izany toerana izany, izay olona tian'ny tompon'andraikitra hapetraka eo. Nanao hetsika sy nilanja sora-baventy tao an-tanàna ireo mponina noho izany.

***Stefa***



*Ny hetsik'ireo mponina, tany Ambohimanatrika Tanjombato, Antananarivo Atsimondrano.*